



Siège national  
47 rue d Clichy  
75311 Paris Cedex 09  
Tél : 01 45 96 03 05

FOTOAM-BAVAKA FPMA  
VEILLEE DE PRIERE FPMA

**TENY NY AMIN'NY NOELY**  
**PAROLE DE NOEL**

Alatsinainy 21 desambra 2020  
*Lundi 21 décembre 2020*

**NY FAHATERAHAN'ILAY MPANJAKA**  
**- LA NAISSANCE DU ROI**

**Amin'ny Anaran'Andriamanitra Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina – Au Nom du Dieu le Père, le Fils et le Saint-Esprit. Amen !**

**Tenin'Andriamanitra – Parole de Dieu :**

« Ary rehefa tafiditra tao an-trano izy, dia nahita ny Zazakely sy i Maria reniny ka niankohoka teo anatrehan'ny » - « *Ils entrèrent dans la maison, virent le Petit Enfant avec Marie, sa mère, se prosternèrent et L'adorèrent* » (Mat. 2, 11a).

**Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY**

**Teny fampidirana – Introduction**

**Hira (Chant) 455, 1 sy (et) 3 : Ny androm-Pahasoavana :**

1. Ny androm-pahasoavana maneho zava-baovao  
Mahazo fahasambarana izao tontolo izao.  
Ravoravo ny efitra maina mbamin'ny tany karankaina  
He, torina ny Teny Soa ka dia afaka avokoa  
Ny olom-bery maniry ho velona.
3. Ny very no tadiavina mba hody amin'ny Ray  
Ny maty dia velomina ka ravo mandrakizay.  
Izy dia mifady ny ota noho ny lova tsy ho tonta,  
Sady manaraka Azy Tompo izay voaeso sy voahombo,  
Ambara-podiny any an-danitra.

**FIZARANA 1 – PARTIE 1**

### **Teksta 1 – Texte 1 : Mat. 2, 1 :**

1 Ary rehefa teraka i Jesosy tao Betlehema an'i Jodia, tamin'ny andron'i Heroda mpanjaka, indreo, nisy Magy avy tany atsinanana tonga tany Jerosalema.

*1 Jésus naquit à Bethléhem en Judée, à l'époque du roi Hérode. Or, des mages venus d'Orient arrivèrent à Jérusalem.*

### **Fanamarihana 1 – Remarques 1**

**Vavaka any amin'izay misy antsika – Prière là où chacun se trouve :**

- ho an'ny mana-manjo - *pour les endeuillés*
- ho an'ireo izay ao anatin'ny adin-tsaina – *pour ceux qui sont tourmentés par des problèmes*

Mba hiantoraka amin'ny Tompo izy ka hahita ny Famonjen'ny Tompo azy – *Pour qu'ils s'adressent au Seigneur et qu'ils voient le Salut du Seigneur.*

**Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY**

**Hira (Cantique) 39, 1-2 : Faingàna, ry Mpanjaka :**

1. Faingàna, ry Mpanjaka, handray ny lovanao.  
Faingàna re mba haka ny tany ho Anao.  
Avia hampifaly ny malahelo fo,  
Afaho ny mijaly sy azon'ny manjo.
2. Avia, fa misento aty ny olonao.  
Ny Fanjakana ento fa Tompo lanao.  
Tsy hisy hitomany eo anatrehanao.  
Hiadana ny tany izay alehanao.

## **FIZARANA 2 – PARTIE 2**

### **Teksta 2 – Texte 2 : Mat. 2, 2-5a :**

2 [Ireo Magy dia nanao hoe :] « Aiza ilay teraka ho Mpanjakan'ny Jiosy ? Fa nahita ny kintany teny Atsinanana izahay ka tonga mba hiankohoka eo anatrehany ».

*2 [Les Mages] dirent : « Où est le roi des Juifs qui vient de naître ? En effet, nous avons vu son étoile en Orient et nous sommes venus pour L'adorer ».*

3 Ary nony nandre izany i Heroda mpanjaka, dia nangorohoro izy mbamin'i Jerosalema rehetra. 4 Dia namory ny lohan'ny mpisorona rehetra sy ny mpanora-dalàna tamin' ny vahoaka izy ka nanontany azy hoe : « Aiza moa no hahaterahan'i Kristy » ? 5 Ary hoy ireo taminy : « Ao Betlehema an'i Jodia.

*3 Quand le roi Hérode apprit cela, il fut troublé et tout Jérusalem avec lui. 4 Il rassembla tous les chefs des prêtres et spécialistes de la loi que comptait le peuple et leur demanda où le Messie devait naître. 5 Ils lui dirent : « A Bethléhem en Judée ».*

## **Fanamarihana 2 – Remarques 2**

### **Vavaka any amin'izay misy antsika – Prière là où chacun se trouve :**

- ho an'ny ankohonantsika - *pour nos familles*
- ho an'ny Fiangonana – *pour l'Église*

Mba hahatsapany ny fitondran'ny Tompo ny Famonjena eo amin'ny fiainany ka handraisany ny Mesia Mpamonjy – *afin qu'ils prennent conscience des œuvres du Seigneur pour leur apporter le Salut et pour qu'ils reçoivent le Messie, le Sauveur.*

### **Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY**

#### **Hira (Cantique) 171, 1-2 : Jeso, Mpanjaka malaza :**

1. Jeso, Mpanjaka malaza, no Tompo Mpanjakanay  
Mahery sy tsara indrindra ka Izy no aronay.  
Mendrika hankalazaina noho ny Heriny.  
Eran-tany sy lanitra koa ny zo aman-dazany.

#### Fiverenany :

*Ry Tompo Mpanjaka mahery ô, mihainoa, mihainoa !  
Avy manaiky tokoa izahay fa Tompon'ny hery rehetra ianao,  
Tsy misy mihitsy ny toa Anao, tsy tratry ny saina ny herinao.  
Ny fiderana izay entinay : raiso re, raiso re !  
Ny haja atolotra Anao ety : raiso izao !*

2. Tompo, Mpandahatra hendry, Mpanao izao rehetra izao  
Ny zara sy tendry ataony dia tsara sy mahasoana.  
Mendrika ny hoderaina ny fandaharany.  
Atolory ho Azy ny saotra fa Izy tadrinfin'io.

## **FIZARANA 3 – PARTIE 3**

### **Teksta 3 – Texte 3 : Mat. 2, 5b-12 :**

Fa izao no voasoratra ny mpaminany : 6 'Ary ianao, ry Betlehema, tanin'ny Joda, tsy dia kely indrindra ao amin' ny andrianan'ny Joda ianao tsy akory. Fa avy ao aminao no hivoahan'izay anankiray ho Mpanapaka, ka Izy no ho Mpiandry ny Isiraely oloko' ».

*Car voici ce qui a été écrit par le prophète : 6 'Et toi, Bethléhem, terre de Juda, tu n'es certes pas la plus petite parmi les principales villes de Juda. Car de toi sortira un chef qui prendra soin d'Israël, mon peuple ».*

7 Dia nampaka ny Magy mangingina i Heroda ka namototra fatratra taminy izay andro nisehoan'ilay kintana. 8 Dia naniraka azy hankany Betlehema izy ka nanao hoe :

« Andeha, fotory tsara ny amin'ilay Zazakely. Koa rehefa hitanareo Izy, dia ambarao amiko, mba hankanesako any koa hiankohoka eo anatrehan'ny ».

*7 Alors Hérode fit appeler en secret les mages. Il s'informa soigneusement auprès d'eux du moment où l'étoile était apparue, 8 puis il les envoya à Bethléhem en disant : « Allez*

*prendre des informations exactes sur le Petit Enfant. Quand vous L'aurez trouvé, faites-le-moi savoir, afin que j'aie moi aussi L'adorer ».*

9 Ary rehefa nandre ny tenin'ny mpanjaka izy ireo, dia lasa. Ary, indro, ilay kintana hitany teny Atsinanana nialoha azy mandra-pijanony teo ambonin'izay nitoeran'ny Zazakely. 10 Ary nony nahita ny kintana izy, dia nifaly indrindra. 11 Ary rehefa tafiditra tao an-trano izy, dia nahita ny Zazakely sy i Maria reniny ka niankohoka teo anatrehany. Ary nony efa nosokafany ny fitehirizan-drakiny, dia nanolotra zavatra ho Azy izy, dia volamena sy zava-manitra ary miora. 12 Ary rehefa notoroan'Andriamanitra hevitra tamin'ny nofy izy tsy hiverina any amin'i Heroda, dia lalana hafa no nalehany nody ho any amin' ny fonenany.

*9 Après avoir entendu le roi, ils partirent. L'étoile qu'ils avaient vue en Orient allait devant eux jusqu'au moment où, arrivée au-dessus de l'endroit où était le petit enfant, elle s'arrêta. 10 Quand ils aperçurent l'étoile, ils furent remplis d'une très grande joie. 11 Ils entrèrent dans la maison, virent le Petit Enfant avec Marie, sa mère, se prosternèrent et L'adorèrent. Ensuite, ils ouvrirent leurs trésors et lui offrirent en cadeau de l'or, de l'encens et de la myrrhe. 12 Puis, avertis dans un rêve de ne pas retourner vers Hérode, ils regagnèrent leur pays par un autre chemin.*

### **Fanamarihana 3 : – Remarques 3**

**Vavaka any amin'izay misy antsika – Prière là où chacun se trouve :**

- ho an'ny mpitondra antsika - *pour nos dirigeants*
- ho an'ny mpitandrina – *pour les pasteurs*

Mba hazoto hiasa mafy ho an'ny Tompo izy ireo ka tsy ho sasatra amin'ny fijoroana ho vavolombelon'ny Famonjen'Andriamanitra – *afin qu'ils oeuvrent en continu pour le Seigneur et qu'ils n'abandonnent point le témoignage du Salut de Dieu.*

**Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY**

**Hira (Cantique) 434, 1 sy (et) 4 : Ny foko, ry Mpamonjy, atolotro Anao :**

1. Ny foko, ry Mpamonjy, atolotro Anao.  
Maloto ka diovy mba ho fonenanao.  
Ny Ranao, izay nalatsaka, no aoka mba hanafaka  
Izao fahotako be izao.
4. Ny tenako rehetra : atolotro Anao,  
Anao tsy misy fetra, Anao, re hatrizao.  
Ka raiso ho fanananao hanompo sy hanaja Anao,  
Ry Tompo sy Mpanjaka ô !

**FANDRAVONANA – CONCLUSION :**

**Teksta – Texte : Isaïa (Esaïe) 60, 1-6 :**

1 Mitsangàna, mihazavà, fa tonga ny fahazavanao ary ny Voninahitrin’Ny TOMPO efa miposaka aminao. 2 Fa, indro, ny aizina manarona ny tany ary ny aizim-pito manarona ny firenena. Fa aminao kosa no iposahan’Ny TOMPO, ary aminao no isehoan’ ny Voninahiny. 3 Ary ny firenena manatona ny fahazavanao ary ny mpanjaka mankeo amin’ ny famirapiratan’ ny fiposahanao.

*1 Lève-toi, brille, car ta lumière arrive et la gloire de l'Eternel se lève sur toi. 2 Certes, les ténèbres recouvrent la terre et l'obscurité profonde enveloppe les peuples, mais sur toi l'Eternel se lèvera, sur toi sa gloire apparaîtra. 3 Des nations marcheront à ta lumière, et des rois à la clarté de ton aurore.*

4 Atopazy manodidina ny masonao ka jereo : izy rehetra dia mivory ka mankaty aminao. Ny zanakao-lahy dia avy lavitra, ny zanakao-vavy dia sakelehina. 5 Ary hahita izany ianao ka ho miramirana, dia hiemponempona sady hohalehibiazina ny fonao. Fa ho entina ho anao ny haren’ ny ranomasina ary hafindra ho anao ny fananan’ ny firenena. 6 Ho feno ny rameva betsaka ao aminao, dia ny rameva tanora avy any Midiana sy Efaha, samy avy any Sheba izy rehetra. Volamena sy ditin-kazo mani-pofona no ho entiny ary ny fiderana Ny TOMPO no teny mahafaly hambarany.

*4 Lève tes yeux et regarde autour de toi: ils se rassemblent tous, ils viennent vers toi; tes fils arrivent de loin et tes filles sont portées dans les bras. 5 En le voyant, tu rayonneras de joie, ton coeur bondira et se dilatera, car les richesses de la mer se tourneront vers toi, les ressources des nations viendront chez toi. 6 Tu seras couverte d'une foule de chameaux, de tous jeunes dromadaires venus de Madian et d'Epha. Ils viendront tous de Séba, porteurs d'or et d'encens, et annonceront les louanges de l'Eternel.*

### **Vavaka nampianarin’ny Tompo – Notre Père :**

Rainay ô, izay any an-danitra,  
Hohamasinina anie ny Anaranao,  
Ho tonga anie ny Fanjakanao,  
Hatao anie ny Sitraponao ety an-tany tahaka ny any an-danitra.  
Omeo anay anio izay hanina sahaza ho anay.  
Ary mamelà ny helokay tahaka ny namelanay izay meloka taminay.  
Dia aza mitondra anay ho amin’ny fakam-panahy fa manafaha anay amin’ny ratsy.  
Fa Anao ny Fanjakana sy ny Hery ary ny Voninahitra mandrakizay. Amen !

*Notre Père qui es aux cieux,*

*Que ton Nom soit sanctifié,*

*Que ton Règne vienne,*

*Que ta Volonté soit faite sur la terre comme au ciel.*

*Donne-nous aujourd’hui notre pain de ce jour.*

*Pardonne-nous nos offenses comme nous pardonnons aussi à ceux qui nous ont offensés.*

*Et ne nous soumetts pas à la tentation mais délivre-nous du mal.*

*Car c’est à Toi qu’appartiennent le Règne, la Puissance et la Gloire, pour les siècles des siècles. Amen !*

**Tso-drano - Bénédiction : Nom. 6, 24-26 :**

Hitahy anareo anie ny Tompo ka hiaro anareo !

*Que l'Eternel te bénisse, et qu'il te garde !*

Hampampiratra ny Tavany aminareo anie ny Tompo ka hiantra anareo !

*Que l'Eternel fasse luire sa Face sur toi, et qu'il t'accorde sa Grâce !*

Hanandratra ny Tavany aminareo anie ny Tompo ka hanome anareo Fiadanana !

*Que l'Eternel tourne sa Face vers toi, et qu'il te donne la Paix !*

**Fanirahana - Envoi :**

Mandehana amin'ny Fiadanana àry ka manompoa ny Tompontosika amin'ny Fifaliana.

**Fiangonana – Assemblée :**

Isaorana anie Andriamanitra - *Allez dans la Paix et servez notre Seigneur dans la Joie.*

*Gloire soit rendue à Dieu.*

**Amin'ny Anaran'Andriamanitra Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina – Au Nom du Dieu le Père, le Fils et le Saint-Esprit. Amen !**